REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**Volavolan-dalàna laharana faha-043/2026 tamin'ny 4 Aogositra 2026 izay manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana Firenena Mikambana momba ny Heloka An’habaka, fantatra amin'ny anarana hoe " Fifanarahana Hanoï "**

**Hanoï, Vietnam, ny 25 oktobra 2025**

**FILAZANA NY ANTONANTONY**

*************

Ao anatin'ny fihazakazahan'ny fiovana nomerika sy ny fitomboan'ny ambana mifandraika amin'ny heloka an’habaka manerantany, dia manohy manamafy orina ny rafitra ara-dalàna sy andrim-panjakana momba ny fiarovana an’habaka sy ny ady amin'ny fandikan-dalàna atao amin'ny fampiasana ny teknolojian'ny fampahalalana sy ny fifandraisana i Madagasikara.

Na dia efa manana lalàna nasionaly momba ny heloka bevava an-tserasera aza i Madagasikara, ny fivoarana haingana amin'ny ambana nomerika, ny toetra iraisam-pirenena amin'ny heloka an’habaka ary ny fepetra takiana vaovao amin'ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena dia mahatonga ny filàna ny fidirana amin'ny sehatra iraisam-pirenena mifandraika amin'izany.

Ny Fifanarahanan’ny Firenena Mikambana Momba ny Heloka an’habaka, izay nolaniana tany Hanoï, no fitaovana voalohany manan-kery ara-dalàna manerantany natokana ho an'ny fisorohana sy ny ady amin'ny heloka an’habaka ary ho fanamafisana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena amin'ny fanadihadiana nomerika sy ny fifanakalozana porofo elektronika.

Ny fidiran'i Madagasikara amin'ity Fifanarahana ity dia manolotra tombony stratejika maromaro, anisan'izany :

- fanamafisana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena eo amin'ny fitsarana sy ny polisy amin'ny ady amin'ny fandikan-dalàna an-tserasera miampita sisintany;
- fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny firenena amin'ny fanadihadiana nomerika sy ny fikarakirana ny porofo elektronika;
- fahafahana mahazo fanampiana ara-teknika, fizarana fahaiza-manao ary fandaharan'asa fanamafisana ny fahaiza-manao;
- ny fampifanarahana miandalana ny rafitra ara-dalàna nasionaly araka ny fenitra iraisam-pirenena;

- fidirana amin'ny tambajotra fiaraha-miasan'ny polisy maneran-tany 24 ora amin’ny 24 ora, 7 andro amin’ny fito andro, ahafahana manao fanadihadiana haingana sy mahomby miampita sisintany manohitra ny heloka an’habaka.
- fanamafisana ny fitokisana nomerika sy ny fisintoman’ny firenena eo amin'ny sehatry ny toekarena nomerika sy ny fampiasam-bola.

Ankoatra izany, ity maha-mpikambana ity dia ahafahan'i Madagasikara manamafy orina ny fanoloran-tenany amin'ny fiarovana nomerika, ny fiarovana ny olom-pirenena ary ny fampandrosoana ny sehatra an’habaka azo antoka, misokatra ary voaaro.

Tsy misy fiantraikany amin'ny fiandrianam-pirenena ny fanasoniavana ity Fifanarahana ity, ary ny fanovana ara-dalàna manaraka izany dia ho fehezin'ny rindran-damina nasionaly napetraka ho amin'izany tanjona izany, mifanaraka amin'ny foto-kevitry ny lalàm-panorenana sy ny zo fototra. Ankoatra izany, tsy misy tambiny ara-bola takiana mba hidirana amin'io Fifanarahana voalaza io.

Nandritra ny fivoriana tamin'ny 4 Aogositra 2026, nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ny Fifanarahanan’ny Firenena Mikambana Momba ny Heloka an’habaka.

Ity Fifanarahana ity dia misy andininy valo amby enim-polo (68) sy toko miisa sivy (09), anisan'izany :

Toko Voalohany Fepetra Ankapobeny

Toko II Fanamelohana

Toko III Fahaiza-manao

Toko IV Fepetra arahina, Fitiliana ary Famoretana

Toko V Fiaraha-miasa Iraisam-pirenena

Toko VI Fepetra fisorohana

Toko VII Fanohanana ara-teknika sy fifanakalozana fampahalalana

Toko VIII Fomba fampiharana

Toko IX Fepetra Farany

Toy izay sy toa izay no tanjon'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

**---**

**Volavolan-dalàna laharana faha-043/2026 tamin'ny 4 Aogositra 2026 izay manome alalana ny fankatoavana ny Fifanarahana Firenena Mikambana momba ny Heloka An'habaka, fantatra amin'ny anarana hoe " Fifanarahana Hanoï "**

**Hanoï, Vietnam, ny 25 oktobra 2025**

Nolanian'ny Antenimieram-pirenena nandritra ny fivoriana atrehan'ny mpikambana rehetra tamin'ny ______________ .

**NY FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

Araka ny Lalàm-panorenana ;

Araka ny Fanapahana laharana faha ° _______________ tamin'ny _______________ navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana ;

Araka ny Fanapahana laharana faha ° 10-HCC/D3 tamin'ny 14 oktobra 2025 manome ny fahefana ara-miaramila mahefa ny fisahanana ny asan'ny Filoham-panjakana, izay tarihin'ny Kolonely RANDRIANIRINA Michaël ;

**Dia MAMOAKA ITY LALANA MANARAKA ITY HANAN-KERY KA TOY IZAO NY VONTOATINY :**

**Andininy voalohany.-** Omena alalana ny fankatoavana ny Fifanarahan'ny Firenena Mikambana momba ny heloka an'habaka, izay antsoina hoe « Fifanarahan'i Hanoï ».

**Andininy 2.-** Ity lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika. Izy dia tanterahina toy ny lalàm-panjakana.

Natao hanan-kery teto Antananarivo, ny______2026

Ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika

**Michaël RANDRIANIRINA**